# Lesona 6: Ny Fanomezam-pahasoavana

## A. Fanomezam-pahasoavana samihafa

1. 1 Korintiana 12:1, 11 Inona no zavatra iraisan'ny fanomezam-pahasoavana rehetra? (misy koa mantsy fanomezana sandoka)
2. 1 Korintiana 12:7 Inona no teboka lehibe lazain'i Paoly eto? (jereo koa ny 1 Petera 4:10-11)
3. Andeha hodinihintsika ny sasany amin'ireo fanomezam-pahasoavana omen'ny Fanahy: 1 Korintiana 12:8-10, 28-30, Efesiana 4:11-13, Romana 12:6-8. Inona no lesona azontsika avy amin'ireo lisitry ny fanomezam-pahasoavana ireo?
4. Oviana ianao no nahatsapa fa manana fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy Masina?
5. Ahoana no fomba ahafahan'ny olona iray mahita ny fanomezam-pahasoavana ananany?

## B. Firaisana ao antin'ny fahasamihafana

1. 1 Korintiana 12:4-6 Inona no teny miverimberina ao amin'ireo andininy ireo ary nahoana?
2. 1 Korintiana 12:12-18 Ahoana no anehoan'i Paoly ny hevitry ny firaisana ao anatin'ny fahasamihafana?
3. 1 Korintiana 12:19-27 Inona no hevitra manan-danja ampitain'i Paoly eto?
4. Nahoana no zava-dehibe ny mahatsiaro fa mpiara-miasa isika fa tsy mpifaninana?

## D. Ny fanomezana lehibe indrindra avy amin'ny Fanahy

1. 1 Korintiana 12:31 Inona no lalana tsara indrindra resahin'i Paoly? (jereo koa ny 1 Korintiana 13:13)
2. Ny teny nampiasaina ho an'ny fitiavana ao amin'ny 1 Korintiana 13 dia *agapé*. Inona no fantatrao momba ny fitiavana *agapé*?
3. Ahoana no amaritan'i Paoly ny fanomezana, dia ny fitiavana agapé? 1 Korintiana 13:1-8a
4. Ahoana no ahafahantsika ho feno izany fitiavana *agapé* izany? Romana 5:5, Lioka 11:13
5. Nahoana no tena zava-dehibe ny fananana fototra miorina amin'ny fitiavana *agapé* rehefa mampiasa ireo fanomezam-pahasoavana?

## E. Ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny sy ny faminaniana

1. Toa misy fanantitranterana mafy momba ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny samihafa tao amin'ny fiangonana tao Korinto.
2. Inona no toromarika omen'i Paoly momba ny fampiasana izany fanomezam-pahasoavan'ny fiteny izany? 1 Korintiana 14:1-5, 6-19, 20-27
3. Inona torohevitra ankapobeny omen'i Paoly momba ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny samihafa sy ny maha-zava-dehibe ny faminaniana? 1 Korintiana 14:39-40
4. Na dia ao anatin'ny lisitra maro momba ny fanomezam-pahasoavana aza ny fiteny, inona no hevitra antitranterin'i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 12:30? (jereo koa ny 1 Korintiana 12:11)
5. Taiza no nisehoan'izany fanomezam-pahasoavan'ny fiteny samihafa izany tao amin'ny fiangonana kristianina voalohany? Asa 2:1-13, 19:1-8
6. Mizara fotoana izay nomen'Andriamanitra anao ahafahana mizara ny filazantsara momba an'i Jesosy tamin'ny fiteny hafa?